NY TENY FIAINANA

I Korintiana 12:3

Koa mampahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampitenenin'ny fanahin'Andriamanitra ka manao hoe: voaozona Jesosy; ary tsy misy mahay manaiky hoe: Jesosy no Tompo, raha tsy amin'ny Fanahy Masina."

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Maro ireo porofo amin'ny fanabontsinana lisi-pifidianana



Jean-Luce Randriamihoatra : maro ireo porofo hita amin'ny fanabontsinana lisi-pifidianana. Fifidianana, TENY NIFANOMEZANA. Ireto àry ny isan-jaton'ny "doublons" isaky ny Firaisana enina eto an-dRenivohitra. Ny Firaisana III no ahitàna "doublons" maro indrindra (araka ny efa nolazaintsika, ny FKT Ankaditapaka Avaratra no mitàna ny tompon-daka : 13,27 %). Ahoana ireo, ry Ceni Madagascar ? Fanamarihana :

Resaka "doublons" eo amin'ny CIN fotsiny ireo, ary misy dia misy koa kanefa ny "doublons" amin'ny anarana, ... TSY ADIKO IZAHO SAMIRERY ITY ... FA ADIKO, ADINAO, ADINTSIKA !

Syl Sly Rass : tena halatra be vava, tsy misy marina izay tsy hipoitra.

Za Gasy : le IVè any @ ndry rossy tsy mahagaga.

Sahondra Ranivoarinoro : alefa Rina ! tsy mihemotra hatramin'ny farany isika, fa efa izao mibaribary izao ny tsy fahamarinana ataon'ny CENI.

Hasina Andrianirina : ka izay no nahatonga ilay 105,99%/100 iny saingy mangina ireto milaza azy ho OLONA ambony ireto, mangina ny CENI, ny dikany: mitsikombakomba amin'ny halabato.

Faly Juliard Ranaivo : tsy olona ambony izany ireo fa efa MIFOTETAKA @ TANY sy mpanompo frantsay taratasy !! Olona fôpla aza satria saribakolin'ny Frantsay, mivarotra fanahy amin'ny Frantsay.

Rakotonirina Jean Freddy : tsy azo leferina fa halatra tanteraka, midina andalambe mihitsy aza no mety. Hetsika an-dalambe no niakaran-dRajoelina tamin'ny fitondrana, dia hetsika an-dalambe koa no hanalana azy amin'ny fitondrana. Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina ry mpanongam-panjakana sy ny forongony a!

Joeline Rahantaharisoa : zao rehefa miara-miasa @ devoly, devoly na demonikrasia no misy eto Madagasikara amin'izao ny fitondrana eto hoy ny gazety Ny Valosoa izay !

Dina Harisoa Raberahona : aoka tsy hiteny intsony hoe " Tan-dalàna Madagasikara" ry Mpitondra, efa gaboraraka mihoa-pampana izao no mibaribary.

Sammy Rama : loza koa izany, tena mpangalatra, sy efa zatra mangalatra amin'ny fifidianana marina ilay fitondrana Rajoelina.

Raozy Gasy Ranja : d ahoana ny tohiny mba zarao e! tsy tokony hihemotra mihitsy i Dada sy ny kandidà Rina ary ireo mpanolotsaina miaraka amin'izy ireo. Bye bye Ravalo, bye bye TIM raha vao milefitra amin'izao tsy rariny izao izy ireo.

Heby Andriamampiely : dia tsy mahagaga raha hahita 105,99% isika @ fitambaran'ny salam-bato azo!!! Tena mitenitena foana mihitsy ilay Thierry Rakotonarivo, ny lisi-pifidianana anie dia hita amin'ny site ny CENI, ka afaka mijery ao daholo ny rehetra e! Ka nahoana no hoe: taiza no nahazoana ireny lisitra ireny? Tena n'importe quoi mihitsy hoy izay fiteny Frantsay izay raha ity filoha lefitry ny CENI ity.

Piso Ravokatra : tena efa devoly mihintsy le ao @ Ceni.

Mah Tok : mila gadraina mihintsy ze mbola nikitika io lisi-pifidianana io, efa hoe: tsy azo kitihina intsony ny lisitra tamin'nyvolana mey, nefa hita mibaribary izao fa mbola nokitihan'ny CENI sy ireo sefo fokontany nokaramaina niaraka tamin'izy ireo.

Ikotofetsy s'Imahaka : rotaka ihany no vahaolana, nanongana Rajoelina tamin'ny 2009, noho izany tsy maintsy haongana amin'izao 2019 izao! Hiverina ny tantara!

Jimmy Blume : izay mitsy no tsy ampy eto fa andefitra foana ve, tsy tokony handefitra intsony.

Nirina Eric Miltiad Eric : ity zany vao tena izy? Lasa izao, tsy tokony hisy intsony ny fihemorana. Manohana ny vahoaka navilivily ny safidiny hatramin'ny fifidianana filoham-pirenena, ka hatramin'izao.

NA Rakoto : dia mbola hanaiky lembenana eto foana ve???Tsia kosa angamba no valiny. 99 andro ny an'ny mpangalatra, fa 1 andro ho an'ny mpanao ny marina.

Raharison Andriamahery : tairo rangà fa tsika ve dia hanaiky lembenana eto foana sy hiharitra @ halabato lava zao le!Ny vahoaka miaraka amintsika, ka lasa izao e!

MPONINA SAHIRANA AMIN'NY RANO

Hanao "sitting" eny amin'ny ministeran'ny rano ny sabotsy izao

Araka ny tapaka tamin'ny fivoriana izay nataon'ny solontenan'ny mponina eny amin'ny fokontany Faravohitra, Mandrosoa sy ny manodidina, izay fokontany anisan'ny manana olana amin'ny resaka rano eto an-drenivohitra, dia nanapa-kevitra izy ireo fa hanao "sitting", na fitokonana manoloana ny ministeran'ny rano any Ambohijatovo Ambony ny sabotsy izao hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Ankehitriny tokoa dia misedra olana ny mponina eto an-dRenivohitra eo amin'ny lafiny ny rano, izay tsapa fa mampikaikaika ny maro, tsy eny amin'ny tanàna ambony eto Antananarivo ihany no misy olana, fa amin'ny faritra iva toerana koa. Noho izany no nahatonga azy ireo hanao "Sitting", na fitokonana manoloana ny Ministeran'ny Rano ny sabotsy 07 desambra 2019 ho avy izao hanomboka amin'ny folo ora maraina io, araka ny nambaran'ny mpitondra tenin'ny mponina amin'ny fokontany Faravohitra, Mandrosoa, sy ny manodidina, Andriamatoa Alex Rafidiarison. Izay rehetra manana olana amin'ny resaka rano eto Antananarivo no handray anjara amin'izany "sitting" izany. Namafisiny fa tsy hoentina hanakorontanana akory izao hetsika izao, fa hetsika fanairana ho an'ireo tomponandraikitra ihany, ary tsy misy idiran'ny resaka politika.

Alex Rafidiarison, solontenan'ny mponina eny faravohitra, Mandrosoa, sy ny manodidina.

Isambilo

Bianco

Nanome fanofanana ireo Polisy Monisipalin'ny CUA, ho amin'ny ady amin'ny kolikoly

Nanome fanofanana ireo Polisy Monisipalin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nandritra ny 2 andro tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely ary nifarana omaly, ny Bianco, ho amin'ny resaka ady amin'ny kolikoly. Tsy andeferana ny fanaovana kolikoly amin'ny endriny rehetra eo anivon'ny vondron'ny Polisy monisipalin'ny Kaominina Antananarivo renivohitra. Ankoatra ny sazy avy amin' ny ambaratongam-pibaikoana dia hatolotra avy hatrany ny Bianco ny famotorana izay tratra manao kolikoly. Manana ny tandrifim-pahefana azy manokana ny Polisy Monisipaly, izay mifameno amin'ny asan'ny Polisim-pirenena ihany koa. Hetsika tafiditra amin'ny fankalazana ny faha 20 taona nijoroan'ny Polisy Monisipalin'ny CUA ihany koa izao hetsika izao. Nanokatra ny fiofanana ny talata lasa teo, ny sekretera jeneralin'ny kaominina, Landy Raveloson, izay nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

Ny sekretera jeneralin'ny CUA, nanokatra ny fiofanana tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.

Aly

Fiarovam-pirenena

Misy fanatsarana ny eo anivon'ny resaka fanompoam-pirenena

Manatsara ny eo amin'ny resaka fanaovana fanompoam-pirenena eto amintsika amin'izao fotoana ny ao anivon'ny departemantan'ny fiarovam-pirenena. Arak'izany, ny Ministeran' ny Fiarovam-pirenena dia manome anjara ireo tanora maniry ny hanompo ny tanindrazana. Afaka mijery izy ireo amin'ny adiresy: https://bit.ly/2rSdrcX. Miroso ankehitriny ny fiantsoana ireo zatovo lahy nangataka ny hanao fanompoam-pirenena ao anatin'ny tafika fantatry ny maro amin'ny hoe: « Engagement Volontaire durant la durée légale », izay nisy ny lamina vaovao hanatsarana ny asa. Nitondra fanazavana momba izany ny tompon'andraikitra dia ny Général de Brigade Aérienne Rasolonirina Roger, Directeur du Service National et de la Gestion des Réserves, tale misahana ny fanompoam-pirenena sy ny fitantanana ireo miaramila fiandry.

Ny tale misahana ny fanompoam-pirenena, ao anivon'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena.

Stefa